

## **NY MAHA-FIKAMBANANA**

*Izahay dia Fikambana MISIONERA , misy ny pretra , ny frera , ny masera izay manome toerana voalohany ny fivavahana sy fifampizaram-pianana amin'ireo farahidiny. Ny fitsaohana maharitra ny Eokaristia andro aman'alina no maha –MPIBANJINA anay izay nipoiran'ny asa fanirahana na misiona .*

*Ny Fikambana dia mizarazara ho fianakaviana kely izay miaina tahaka ny moanina eo anivon'ny mahantra amin'ny fanarahana ny fitsipi-piainan'ny Pére de Foucauld*

*Tsapanay ny maha-zava-dehibe ny fiainana am-pirahalahiana satria ny fakanay tahaka ny Fianakaviana Masina tao Nazareta , dia ny hiainana ny fifankatiavana ambaran'ny Evanjely . Ary inoanay fa ny firaisan-kina dia miteny kokoa noho ny fahagagana .*

*Eo anilan'ny Fianakaviana kely ( fraternité ) dia misy ireo lahika : tanora , olon-dehibe , fianakaviana izay miaina , miara-mamindra am-pifandraisana ara-panahy , mahatsapa ny fiantsoana hanana vavaka lalina sy fitiavana ny mahantra . Ny fiainana-ara-panahin'zy ireo dia iainana araka ny maha-lahika azy ireo any amin'ny toerana misy azy , amin'ny fifandraisana lalina amin'ny Fiangonany eo an-toerana.*

*Noho izany dia ny Fikambana manana endrika « Mouvement »ary izany no nahazoanay ny fankatoavana ny Diosezy ny taona 1983) sy ny Papa Ray Masina ( Sainte Siège ) ny taona 1990.*